AMBOHIJANAKA 4

# TOVOLAHY MATY TSY TRA-DRANO, NODOMIN'NY 4X4 AVY EO NOTSENAIN'NY MAZDA

MARINA IZANY ! 2

## MANOMBOKA MAFANAFANA !

RIVODOZA CHENESO ANY ATSIMO ANDREFANA 7

## NAHAZO HERY, MITONDRA ROTSAK'ORANA BETSAKA


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7479 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 25 janoary 2023


TOAMASINA II 4

## "SPRINTER" NIVADIKA, OLONA IRAY MATY

FIVORIAMBEN'NY MPANAKANTO 3




## RAIKITRA NY GIDRA-GIDRA, VITA IHANY NY FIFIDIANANA

FIFIDIANANA FILOHAN'NY REPOBLIKA 2

# TONDROIN'NY "OTRIKAFO" HO EFA NAHITA KANDIDA HOTOHANANA I LAFRANTSA





MAHAJANGA 4

## GRENADY NIPOAKA TSY NAHY NANDRATRA ANKIZY

BAREA DE MADAGASCAR - CHAN 2023 3

# TAFITA AMIN'NY LALAO AMPAHEFA-DALANA



MIDI FLASH Hivoaka manomboka anio


Telma

M'Ora 500

MIRESAKA FOANA, ISAN'ANDRO, ISAN'ORA !

500 Ar

ANTSO MANANKENY I ANDRO MANKANY @TELMA SY NY TAMBAZOTRA HAFA

20 SMS 20 Mo

TSINDRIO NY #322*20#

G CL 397/26-21

Fifidianana Filohan'ny Repoblika

# Tondroin'ny Otrikafo ho efa nahita kandidà hotohanana i Lafrantsa

*Nanamafy ny tokony hirosoana amin'ny fikaonandoham-pirenena ny Otrikafo.*

Tsy niandry ela fa omaly ihany dia namaly ny masoivohon'i Frantsa nitaona antsika hiroso amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika amin'ity taona ity ny antoko Otrikafo tarihin'ny Sekretera Jeneraliny Elia Rabevahiny. Tsy nivilivily ity mpanao politika ity raha nilaza tamin' izany fa matoa mandrisika antsika hanao fifidianana ny Frantsay dia satria nahita kandidà hotohanana sahady izy ireo amin'izao fotoana izao. « *Na dia maro aza ny toe-javatra tsy milaminana manodidina ny fikarakarana ny fifidianana eto dia sahin' ny Frantsay ihany ny misintona antsika hiroso amin' izany. Sokajianay ho tsindry sy teritery atao amin'ny fanjakana malagasy ireny ka toherinay amin'ny fomba rehetra. Matoa Lafrantsa mandrisika antsika hiroso amin'ny fifidianana dia efa mahita kandida azony antoka fa hiaro ny tombontsoany eto Madagasikara* », hoy Ing. Elia Rabevahiny tamin'izany. Mikasika izay resaka fifidianana izay hatrany, mbola nanamafy ny teo anivon'ny Otrikafo fa mila irosoana ny fikaonandoham-pirenena vao miroso amin' izany fifidianana Filohan'ny Repoblika sy ny tariny izany isika.

**Misy resaka ambadika**

Manaraka izany, nanisy resaka mikasika ny fitakiana ny fiandrianam-pirenena malagasy amin'ireo « Iles Eparses » ny antoko Otrikafo. Raha nilaza ny Ambasadaoron'i Frantsa fa vonona hiroso amin'ny fanohizana ny dinika eo amin'ny firenena roa tonta mikasika io raharaha io dia nahitsy ihany koa Ing. Elia Rabevahiny nanambara fa resabe fotsiny izany satria mety efa misy resaka vita any ambadimbadika any. « *Azo antoka ny tsy ho fahombiazan'io dinika eo amin'i Lafrantsa sy ny Malagasy io satria tsy manana fahasahiana sy fahavonona amin'izany ny mpitondra antsika*», hoy hatrany ny fanazavany.

**Mamy R.**

Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena

# Mitarazoka ny famoahana ny anaran'ireo hahazo jeneraly

Mbola misy fanantenana ve sa hafoy ? Io no fanontaniana apetraky ny ankamaroan'ny manamboninahitra ambony sy ny manamboninahitra jeneraly, nahafeno taona ka miandry fisondrotana galona. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa nisy fotoana ihany koa niato ny fanomezana galona, raha tsy hampahatsiahy afa-tsy tamin' ny fotoana nitantanan'ny Filoha teo aloha, Marc Ravalomanana ny tany sy ny fanjakana. Antony mbola mamparisarisa ny fifandraisan'ny andaniny sy ny ankilany mandraka ankehitriny. Fa raha iverenana ny fanomezana galona jeneraly, ho an'ny taona 2022 dia mitarazoka izany, raha matetika alohan'ny faran'ny taona no fotoana famoahana ny anaran'ireo hisitraka izany. Ny antony, mbola tsy nahazoam-baovao marim-pototra. Manoloana izany dia manitikitika ny sain'ireo voakasika ny fanontaniana hoe: Ny kômisiona tokony handinika ireo nahafeno fepetra ve no mbola tsy nahavita hatramin' ny farany ny asany ? Sa efa nomena ny mpanapa-kevitra sy ny mpanao sonia ny lisitra fa ny famoahana ny didimpanjakana mirakitra izany, raisina ao anatin'ny filankevitry ny minisitra, no mbola tsy tontosa? Ny tsy fahatanterahan'izany anefa, raha ny loharanom-baovao samihafa, dia miteraka fahasorenana sy feo miakatra any andakazery any.

**V.R.**

## Marina izany !

### Manomboka mafanafana !

**Daty manan-tantara ny anio 26 janoary, namoizana ain'ain'olona maro sy naharavana fananana, vokatry ny fifandonan'ny hery tsy mitovy, tamin'ny taona 2009. Nisy ihany koa ireo nitondra takaitra. Efatra ambiny folo taona aty aoriana, toy ny fifandonana pôlitika niteraka krizy, saika isaky ny folo taona teo amintsika dia mijanona eo amin'ny filazana fisokafan'ny fanadihadiana hatrany ny zava-nisy. Hany ka ankoatra ireo nanoratra boky dia tsy misy afa-tsy ireo nikononkonona sy nanatrika no mahalala ny zava-miafina. Ary izy ireny no miezaka mamoaka tsikelikely izany, mba ho fantatr'ireo liana amin'ny tantaram-pirenena. Ny fanontaniana mipetraka anefa dia ny hoe : ny marina rehetra ve no nambara ? Mikasika manokana ny andron'ny rahampitso dia nahazoam-baovao marim-pototra fa misy hery samihafa mivondrona, ahitana mpanao pôlitika, olomboafidy, olobe eto amin'ny fiaraha-monina, tanora miomankomana haneho ny heviny, manoloana ny toe-java-misy ankehitriny, rahampitso. Ny toerana, raha ny loharanom-baovao hatramin'ny omaly, dia mbola mety miova amin'ny ora farany. Ny antony, araka ny voalaza dia ho fiarovana ny mety hisian'ireo karazan'olona manao lela roa, mety ho tafiditra any anatin'ireo hery samihafa mivondrona ireo. Manoloana io fanomanana hetsika io dia nahazoam-baovao ihany koa fa efa miomankomana fatratra amin'ny fomba hiatrehana izany ny ankilany. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe: Mety ho tonga amin'ny fanakantsakanana sy ny fampiasana hery, toy ny mateti-pitranga ve ? Mety ho tonga amin'ny antsojay na fanenjehana ireo lohandohan'ny mpisoronan ve ? hampihemotra ny andaniny ve ? Sa kosa hiafara amin'ny fifampiresahana ?**

Voahangy Rakotozafy


MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

DIRECTION DE L'EDUCATION FONDAMENTALE ET DE LA PETITE ENFANCE (DEFPE)

La Direction de l'Education Préscolaire et de la Petite Enfance (DEFPE) a mené des travaux axés sur le bien-être des élèves :

La cantine scolaire a pu être mise en œuvre dans de nombreux établissements avec l'appui des partenaires comme STATE, JICA et PAM... une initiative est entre autres soutenue par le « projet Tambatra » ; le Projet Mianatra I et le Projet Mavitrika Mianatra oeuvrés avec MacGoven-Dole IFEP.

Cantine implantée dans 17 régions vulnérables en situation nutritionnelle, notamment Anosy et Androy. Au total, 2037 établissements bénéficiaires.

La santé scolaire est privilégiée à travers des actions comme la mise en place d'une « École amie de WASH » et la distribution de compléments alimentaires en FER/FAF sur l'ensemble des 44 CISCO cibles. La Direction a également lancé les initiatives suivantes : Formation des membres du CLEEC et de la FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'Fanabeazana eny Ifotony) : les 135 éducateurs cibles ont été initiés à la pratique de la méthode japonaise « Kamishibai » et au suivi des centres d'activités et les éducateurs ; Formation sur la gestion financière (caisse école) ; Distribution d'outils financiers aux directeurs d'école EPP et CEG (outils comptables).

Rajout statistiques :

Objectif : 1000 Espace d'Eveil Communautaire (EEC)

Réalisé 2018-2022 : 610

- 2018: 61 EEC dans 3 régions: Analamanga, Atsinanana, Vakinankaratra
- 2019: 162 EEC dans 6 régions : Analamanga, Atsinanana, Vakinankaratra, Haute Matsiatra, Androy, Anosy
- 2020: 84 EEC dans 2 régions : Alaotra Mangoro et Menabe
- 2021: 170 EEC dans 7 régions : Amoron'i Mania, Atsimo Andrefana, Atsimo Atsinanana, Diana, Sofia, Ihorombe et Betsiboka
- 2022: 132 EEC dans 5 régions : Boeny, Itasy, Bongolava, VATOVAVY et Fitovinany
-2023: 387 EEC répartis dans toutes les régions de Madagascar
- 2023 En cours de mise en place : 383 EEC dans 23 régions sauf Alaotra Mangoro





G CL 406/31-1

CHAN 2022

# Tafita amin'ny ampahefa-dàlana ny Barea de Madagascar

*Mbola misy anefa ny lesoka tokony harenina.*

Manoratra tantara eo amin'ny fifaninanana afrikanina amin' ny baolina kitra ihany koa ny Barea de Madagascar « A' », satria tafita hiatrika ny lalao ampahefa-dàlana amin'ny sabotsy 28/01/2023 izao ka hifampitana amin'ny " *Les Mambas* "-n'i Mozambika, na dia vao sambany aza no nandraisany anjara tamin'ny CHAN 2022, toy ny nataon'ny zokiny tamin'ny CAN 2019. Araka izany dia mitohy hatrany ny fahombiazana azon'ny ekipam-pirenentsika, mandritra ny lalao fifanintsanana ao anatin'ny Vondrona C. Nomontsanin'ny Barea de Madagascar tamin' ny isa mazava 3 no ho 0 ny « Les Crocodiles du Nil »-n'i Soudan, afak'omaly halina, tany amin'ny kianjan'i Chahid Hamlaoui, any Constantine (Algérie), izay mbola hilalaovana koa amin'ny ampahefadàlana noho ny maha voalohany antsika tao anatin'ny vondrona C. Tao anatin'ny 30 minitra nilalaovana, nandritra ny fizaram-potoana voalohany ihany, dia efa nazava ny fandresen'ny Barea de Madagascar. Nampidiran'i Tsiry (13 mn) ny baolina voalohany no ela dia tsy tana ihany koa i Rakoul (23 mn) sy Lalaina (33 mn), nanampy ny isa azontsika, fa samy nanakobana ny haraton'i Moustafa avokoa. Fanafihana tsara rindra avokoa no nampidiran' ny mpilalaontsika an'ireo baolina ireo fa tsy kisendrasendra. Nandavo an'i Nina ihany i Abdelrahman, teo amin' ny faha-23 mn nilalaovana, saingy nolavin'ny mpitsara lalao ny baolina tafiditra fa lasa alohan-dry Berajo sy ry Datsiry ilay lohalaharana sodaney Mohamed Yasin. 20 minitra tsy hifaranan'ny lalao dia indroa nandindona ny haraton'i Nina ny baolina nodakan-dry Mazin sy ry Walled fa voatohan'ny tongotry ny mpiandry tsatobin'ny Barea de Madagascar hatrany izany. Nosoloin'i Rôrô avokoa ireo tompon-toerana, teo amin'ny fanatanterahana ny 45 mn farany, hitsinjovana ny aina amin'ny lalao manaraka. Tsara hofantarina ireo mpilalao tompon-toerana sy ny mpisolo azy : Nina – Avotra « Dadafara" (Naina Avizara) / Berajo / Datsiry (Ando)- Tantely (kap) ; Rakoul – Rojo Be – Dax (Donga) ; Tsiry (Carlos) – Jean Yves – Lalaina (Dody). Araka izao voka-dalao azon'ny Barea de Madagascar izao, dia tsy afa-bela tamin'ny Malagasy mihitsy izany ny Sodaney, izay efa resin-dry Faneva Imà sy ry Voavy Paulin 3 no ho 1 koa teny amin'ny kianja « Complexe Sportif »-n'i Vontovorona, nandritra ny lalao fifanintsanana tamin'ny CAN. Mikasika ny fihaonana amin'ny « Les Mambas », nitana ny laharana faharoa tao anatin'ny vondrona A nisy an'i Algerie, dia tsy tokony hihafihafy fa hampiseho fahavononana hatrany, toy ny nataony teo anatrehan'ny Balack Galaxies-n'i Ghana sy ny Crocodiles du Nil, ry Tantely sy ny namany, izay tsapa fa mihamatanjaka sy miakatra hatrany koa eo amin'ny lentan'ny filalaovany. Mbola misy anefa ny lesoka tokony harenina ka heverina fa hitan'ny tekinisianina ny vaha olana hamahana azy. Alefa Barea !

**aris rafaly**

Volley - CCC zone 7

# Haka "renforts" efatra ny Bi'As

Higadona afaka iray volana katroka anio ny fiadiana ny amboaran'ny klioba tompondaka (CCCZone 7), taranja Volley ball, hotontosaina any Maorisy. Naneho ny fahavononany ny klioban'ny Bi'As rehefa neken'ny CAVB ny fahafahan'izy ireo mandray anjara. "Renforts" miisa 4 no hantsoina hanatevin-daharana, araka ny fanazavan'ny filohan'ny klioba, Rasamison Hajanirina, ka iray avy any amin'ny faritra ary ny telo kosa avy eto Antananarivo ihany. Nohamafisiny fa sambany ho an'ny Bi'As ny handray anjara amin'ny CCCZone 7 ivelan'i Madagasikara, ka nisaorany manokana ny filoha lefitra ny Federasiona Malagasin'ny Volleyball, Ranaivoson Mamy, niady mafy ho azy ireo teo anivon'ny CAVB. Tanjona ny hahatafiditra indray ny Bi'As ao anatin'ny "Top 4", toy ny tamin'ny taona 2019. Mbola tanora tsara avokoa ireo mpilalaon'ny Bi'As ka manantena ny hahazo vokatra tsara. "Manodidina ny 22 taona eo ny salantaonan'ny mpilalao, misy aza ny mbola latsaky ny 18 taona maromaro", araka ny nambaran'ny filohan'ny klioba hatrany. Manodidina ny 100 tapitrisa ariary no ilaina amin'ny fandehanan'ny delegasiona 16 hihazo an'i Maorisy ny 23 febroary ho avy izao. Mbola an-dalana mitady ny hoentimanana izy ireo, ka anaovany antso avo hatrany amin'ireo rehetra, hanolo-tanana azy. Manomboka eto mantsy dia efa voninahi-pirenena no arovany any Maorisy, fa tsy an'ny klioba intsony.

**Rabenaivo**

Tyah Rakman - Kintana vaovao

# Hamoaka ny rakitsariny voalohany amin'ity taona ity

Bandy kely manana talenta amin'ny resaka mozika i Tyah Rakman. Azo lazaina fa mbola kely izy raha ny taonany no jerena saingy na izany aza dia efa manana traikefa amin'ny resaka kanto .Anisan'ireo kintana vaovao mihitsy moa izy eo amin'io sehatra io, kanefa efa manana hira maromaro ihany ary dia manana vina ny hanambatra izany ao anatin' ny rakitsary iray amin'ity taona ity. Mialoha izany kosa anefa dia efa miketrika hira vaovao iray izay izy amin'izao fotoana izao izay hivoaka tsy ho ela. "Lazao any" no lohatenin'izany hira izany. Ao amin'ny pejy fesiboky Tyah Rakman no ahafahana mijery izany. Efa misy hira hafa maromaro koa ao ary efa betsaka ihany koa ny mpankafy. Raha tsiahivina dia nanomboka ny taona 2015 i Tyah Rakman no nilomano tamin'ny sehatry ny mozika. Vao 10 taona monja izy tamin' izany. Tiany ny manao mozika ka dia nilofosany hatrany na dia mbola vitsy aza ny manodidina azy no tsy natoky ny zavatra nataony. Tamin'ny taona 2022 teo kosa izy vao tena nanamafy izany faniriany hanao mozika izany ka dia nanomboka namoaka rakikira tamin'izay ho hitan'ny rehetra. Taorian'izay, hitany fa maro no nankafy azy ka dia vonona izy hanohy ny diany. Tsy manana "manager" moa izy amin'izao saingy tsy ataony sakana tsy hanaovana mozika izany. Manana faniriana ny mba hiara-kihira amin'ny artista malaza toa an-dry Mr Sayda na i Pit Leo ireny izy, noho izy mivoy ny gadona « urbaine ».

**Tanya.R**

Fivoriamben'ny mpanakanto

# Raikitra ny gidragidra, vita ihany ny fifidianana

Toerana roa samihafa ! Ambiansy roa samihafa. Izay no zava-nisy omaly, nandritra ny fihaonamben'ny artista notanterahina tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina. Tao anatiny, nifanaritaka ireo milaza ho « artista zokiny » sady mpikambana tao amin'ny Filakevipitantanan'ny Omda teo aloha sy ireo mpanaradia azy. Ry Jaojoby no mpitarika mafana fo tao anatin'izany, andaniny io. Etsy ankilany, ny tale mpisolo toerana ny Omda sy ireo tondroina ho « artista zandriny », izay Zoky Vonjy indray no anisan'ny lohandohan'ny mpisorona tao. Tety ivelan'ny Lapa kosa ry Rossy sy ireo mpanara-dia azy, nilanja sorabaventy nitaky ny hialan'ny Minisitry ny Kolontsaina Rtoa Lalatiana. Tsy navela hiditra izy ireo, saingy tafiditra ny Lapa ihany saingy teo ivelany no nitondra ambiansy tamin'ny zavamaneno sy ny vazo. Na teo aza izany savorovoro rehetra izany, tontosa ihany ny fifidianana izay ho mpikambana eo anivon'ny filankevi-pitantanan'ny Omda, omaly.

*Tao anatin'ny savorovoro tanteraka ny fihaonana ny maraina, fa ny tolakandro kosa nihalefy izany ary raikitra ihany ny fifidianana sady nilamina.*

**Niova firafitra**

Niova tanteraka ny mpikambana eo anivon'ny filankevi-pitantanan'ny Omda. Raha artista mpihira no nanana toerana betsaka tao anatin'io rafitra io teo aloha. Mbola maro an'isa izy ireo, fa efa samy manana solontena ao avokoa ankehitriny ireo sokajin-kanto misy eto amintsika. Ireto avy ireo mpikambana lany omaly. Artista mpihira: 7 ny kandida ka ny efatra no lany dia i Jaojoby, Tonton Pà, Meizah ary Zoky Vonjy. Martial Razafindrakoto kosa no solontena eo amin'ny tontolon'ny sarimihetsika ary i Arikoms Randria no lany tamin'ireo mpanoratra tantara. Hanampy ireo voalaza ny solontena avy amin'ny Ministera isan-tsokajiny ka ao anatin'izany ny avy amin'ny Fitantanam-bola sy ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina. Mbola hitohy ve ny gidragidra sa hijanona hatreo ?

**Fy**

Feo roa sy Gitara roa

# Njara Marcel sy Mamina any Antsirabe

Tapitra tamin'iny taona 2022 iny ny fiaraha-miasan'i Jacquis Randria sy Njara Marcel. Tsy midika akory izany fa tsy ho afaka hiray sehatra intsony izy ireo fa miankina amin'ny mpikarakara fety aman-danonana ihany izany. Amin'izao fotoana izao dia manana ity tetikasa Feo roa sy Gitara roa i Njara Marcel, ka i Mamina Kanto Gasy no hiara-dalana aminy. Samy nivoaka mpandresy tamin'ny fifaninanan-kira avokoa izy roa lahy ireo ary efa samy manana ny hirany mahaleo tena amin'izao fotoana izao. Hisantarany io fiarahamiasa io dia hanolotra seho miavaka any Antsirabe, ao amin'ny Feeling Good Vatofotsy, izy roa lahy ny asabotsy izao hanomboka amin'ny 8 ora alina. Samy hivetso ny hirany izy mirahaly, saingy misy ihany koa fampiaraham-peo. Amin'izay fotoana izay dia zavatra tsy hampozina no hatolony ny mpankafy. Njara Marcel rahateo moa dia tsy zoviana amin'ny mponin'Antsirabe intsony. Efa namoaka rakikira ihany koa izy ary « Aingam-panahy » no lohateniny. Any amin'ny tambajotran-tserasera no ahenoana azy. Vahiny nasaina manokana amin'ity seho ity moa i Mariah ary ho avy ao ihany koa i Jud mpitsoka Sax. Ankoatra ny seho hataon' izy mirahalahy dia misy ihany koa ny ambiansy diskoteky miaraka amin'ny Lil Style Dj avy ao amin'ny Dreamix Team.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-19)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc...Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-16)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-16)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-16)

### FIANARANA

* Fianarana kabary Anjanahary Ambohimahitsy Ampandrianomby. Tél : 034.07.526.31. (G-BA 451/6-3)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-18)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (GBA 449/5-3)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-8)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-1)

### MITADY ASA

* VHV 20 taona mitady asa trano kilasy mandry manana traikefa. Tél : 034.39.598.85. (G-BA 453/1)

* VHV 26 taona mitady asa trano kilasy mody manana traikefa. Tél : 034.21.360.56. (G-BA 453/1)

Ambohijanaka

# Tovolahy maty tsy tra-drano, nodomin'ny 4x4 avy eo notsenain'ny Mazda

*Tsy nijanona fa nitsoaka ilay nahavanon-doza.*

Namoy ny ainy voadonan'ny fiara ilay tovolahy sahabo ho 28 taona antsoina hoe Rahery ka namoy ny ainy. Lozam-pifamoivoizana nitranga ny andron ny alahady 22 janoary, teo amin'ny lalana By-pass « *RN60, PK 01+600* » raha miala avy eny lavoloha. Izany hoe teo amin'ny toerana atao hoe Manandona, fokontany Imerimanjaka, Kaominina Ambohijanaka. Fiaran'ny zandary miasa ao amin ny fiadidiana ny Repoblika no anisan'ny voakasika tamin'ity raharaha ity. Azy ilay Mazda iray anisan'ny nandona fa ilay fiara iray tsy mataho-dalana kosa nitsoaka nandositra rehefa avy nandona ihany koa. Raha zohina dia avy nodomin'io 4x4 io i Rahery dia notsenain'ilay Mazda izay voalaza fa tsy nanampo na inona na inona akory. Maty teo no ho eo ilay tovolahy, tsy azo nialana nenina. Ny nofo mangatsiakany no naterina any amin'ny tranom-patin'ny Hjra.

**Nifanena**

Taorian'izay dia niantso tao amin'ny kaomisaria Tanjombato ny zandary ka nanazava tamin'ny polisy mpiandry raharaha tao mba hanao ny fanamarinana ny zava-nitranga teny an-toerana. Rehefa natao ny fidinana ifotony dia hita fa nodomin'ny fiara iray avy any lavoloha ho any avaratra io olona io ka nikapoka teo amin' ilay Mazda iray nifanena taminy ho any lavoloha sady voahitsak' ilay fiara Mazda. Araka ny filazan'ny mpamily ny fiara Mazda dia fiara 4X4 iray no nandona io olona io ary nipitika teny aminy, saingy tsy nijanona fa nitsoaka ilay nahavanon-doza. Mitohy ny fanadihadiana ny raharaha.

**Ariel D.**

Toamasina II

# Taksiborosy sprinter nivadika, olona iray maty, 8 hafa naratra

Nisehoan'ny lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona omaly tany amin'ny lalam-pirenena fahadimy, tany Andranotsara, kaominina ambanivohitra Ampasimbe Onibe, any amin'ny distrikan'i Toamasina faharoa. Fiara taksiborosy sprinter no niharan-doza tamin'izany ka olona iray tao anatiny izay voalaza fa zaza vao herintaona monja no maty vokatr'izany. Olona valo hafa kosa naratra, ka anisan'izany ny renin'ity zaza namoy ny ainy ity. Araka ny fanazavana azo dia noho ny fandehanana mafy teo amin'ilay fiara ary tetsy andaniny ihany koa, noho ny fialana lavaka no nahatonga ny loza ka nampivadika ity fiara ity teny amin'ny arabe. Dia io nitarika fahafatesana sy faharatran'ny olona tao anatiny io. Araka ny fanampim-panazavana avy any Vavatenina ho any Toamasina ity taksiborosy ity izao tra-doza teny an-dalana teo anelanelan'i Mahambo sy Foulpointe izao. Raha vao nandre mikasika ny zava-nitranga ny zandary dia nandeha nanao fitsirihana tany amin'ilay toerana nisehoan'ny loza. Ireo zandary tany Foulpointe nanao tanamaron' ny fandriam-pahalemana no niara-nientana nitondra ireo olona valo naratra ireo notsaboina tany amin'ny hopitaly. Fantatra hatrany fa tsy naninona ny mpamily ny fiara nandritra ity loza ity. Nentin'ny zandary tany amin'ny birao izy natao andrimaso sy natao famotorana.

**T.H**

Anosibe - Andrefan'Ambohijanahary - Manarintsoa

# Vehivavy 6 mpamatsy rongony, tsy ampy taona ny roa

Olona sivy no voasambotry ny polisy ny zoma lasa teo tany Anosibe sy teny Andrefan'Ambohijanahary ary teny Manarintsoa, noho ny resaka fambolena sy fivarotana ary fifohana rongony. Fantatra tamin'izany fa vehivavy ny enina tamin'izy ireo ary ny roa mbola tsy ampy taona, satria 15 taona sy 16 taona. 45 taona ny zokiny indrindra. Araka ny fanazavan'ny polisy dia ireto vehivavy ireto no mpamatsy rongony any amin'ireo toerana voalaza etsy ambony ireo. Mbola nahitana rongony 205 fonosana teny amin'izy ireo. Nisy ny fisavana ny tranon'izy ireo ka nisy ny tratra namboly rongony roa fototra. Fantatra fa



Ireo olona voasambotra.

45 taona ny zokiny indrindra tamin'ireto vehivavy ireto ary ny iray ihany koa dia efa nigadra teny Antanimora tamin'ny resaka rongony ihany ary tamin'ny taona 2022 teo no nivoaka ny fonja, kanefa dia izao voasambotra izao indray. Telo tamin'ireo olona saron'ny polisy no lehilahy ka 23 taona ny zandriny indrindra, ary 34 taona kosa ny zokiny indrindra. Ireto lehilahy indray dia tra-tehaka teo am-pifohana rongony teny Anosibe sy Andrefan'Ambohijanahary, raha ny filazan'ny polisy ihany. Fantatra fa efa nigadra noho ny resaka halatra ny iray tamin-dry zalahy ary nivoaka ny fonja tamin'ny taona 2020, kanjko izao tratra noho ny resaka zava-mahadomelina izao indray. Taorian'ny famotorana teny anivon'ny mpitandro filaminana dia niakatra fampanoavana afakomaly ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika ny efatra tamin'ireto olona voasambotra ireto, telo vavy sy lehilahy iray. Manomboka ny hetsika fanadiovana ny tanànan' Antananarivo renivohitra ataon'ny Sut Tsaralalàna mikasika ny resaka zava-mahadomelina.

**T.H**

Mahajanga

# Grenady nipoaka tsy nahy nandratra ankizy

Zava-doza no niseho tao Ankaraobato, fokontany Amborovy, kaominina ambonivohitra Mahajanga, omaly tamin'ny 3 ora sy sasany tolakandro. Nisy ankizy nipoahan'ny grenady tsy nahy. Teny am-pilalaovana baolina teo an-tokotany no nahita grenady ireto zaza ireto. Araka ny loharanom-baovao dia tsy fantatra izay niseho fa ahiana ho nahakitika an'ilay grenady ny anankiray tamin'ireto ankizy ka nahatonga ilay fitaovana ho nipoaka tampoka. Vokany, ankizy 4 no naratra, nipitihan'ny vanja. Ny sasany naratra ao an-damosina, ny tanana, ny tratra…sns.. Tsy nisy kosa ny aina nafoy ary efa nahazo fitsaboana, nentina ao amin'ny hopitaly Androva ireo naratra. Mitohy ny fanadihadiana ary hatreto dia mbola tsy fantatra ny niavian'io grenady io sy izay mety ho tompony. Na izany aza tsy maintsy mpitandro filaminana ihany no mampiasa grenady, saingy andrasana ny fizotran'ny fikarohana. Mbola tsy nazahoana fanazavana ihany koa ny teo anivon'ny zandary na ny polisy any an-toerana.

**Ariel D.**

Tsaratanana

# Mpivady nirodanan'ny trano, maty ilay ramatoa

Vokatry ny rotsak'orana nisesy dia olona iray no namoy ny ainy nirodanan'ny trano tao amin'ny fokontany Ankisatra, kaominina Keliloha, distrikan'i Tsaratanana, afak'omaly alatsinainy tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Mpivady izy ireto no niara-monina ka ilay raim-pinakaviana naratra, tapa-tongotra fa ity ramatoa vadiny no maty tsy tra-drano. Ilay trano kosa nirodana iray manonontolo ary tsy azo ipetrahana intsony. Ny zandary sy ny fokonolona no namonjy ireto niharam-boina ireto raha vao nahare ny loza. Araka ny fantatra dia misy rihana io trano io ary tototra tao ambany rihana izy mivady ireto. Ilay rangahy dia olona tsy zoviana amin'ny rehetra, satria mpampianatra ao amin'ny EPP Antsahamamy, fokontany Ambatomitsangana, kaominina Keliloha. Ity farany dia avotra soa aman-tsara taorian'ny famonjena natao azy, saingy tapaka sy naratra ny lohany ary efa manaraka fitsaboana ao amin'ny CSB I Ankisatra izy amin'izao fotoana izao. Ilay vadiny kosa tsy tana ny ainy noho ny fahatotorana be loatra nahazo azy.

**Ariel D.**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 902 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Borchtch polonais**

**Zavatra ilaina :** henan'omby 500g, lard fumé 100g, laisoa 500g, beteravy mena 500g, céleri 1, tongolo be 2, poarao 2, persily 2 sotro lehibe, vinaingitra divay 1 sotro lehibe, crème fraîche, sira sy dipoavatra

**Fikarakarana azy :** Ampangotrahina ny rano 1 litatra misy sira sy dipoavatra. Arotsaka ao ny henan'omby efa voatetika sy ny lard fumé. Aorinan'ny 1 ora dia arotsaka ao ny laisoa voatetika, ny beteravy, ny céleri sy ny tongolo be ary ny vinaingitra. Rarahana persily sy crème fraîche alohan'ny handrosoana azy.

Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Kadoa*




## Hatsikana an-tsary

*Manjono*




## Masoandro miposaka

### Jaona 10 : 20-21

Ary maro tamin'ireo no nanao hoe: Manana demonia Izy ka efa very saina; nahoana no mihaino Azy ianareo? Hoy kosa ny sasany: Tsy mba tenin'ny demoniaka izany; moa ny demonia va mahay mampahiratra ny mason'ny jamba?

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Tsivaka marim-pandeha.**

Ceux qui ont les pieds tournés en dehors marchent bien quand même.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2864

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | 8 | | 9 | | |
| | | | 6 | | | | | |
| | 6 | 4 | | 2 | | | 8 | |
| 3 | | | 1 | | 6 | 5 | 4 | |
| | | 6 | | | | | 1 | |
| | 7 | | | 9 | | 6 | | 8 |
| 7 | | 8 | 5 | | | | | |
| | | | | 1 | | | 7 | |
| 1 | 9 | | | | | 4 | 2 | |

Valin'ny laharana 2863

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 3 | 5 | 9 | 4 | 6 | 8 | 7 | 1 |
| 7 | 6 | 1 | 8 | 5 | 3 | 4 | 2 | 9 |
| 4 | 9 | 8 | 7 | 2 | 1 | 6 | 5 | 3 |
| 5 | 4 | 6 | 2 | 1 | 7 | 9 | 3 | 8 |
| 1 | 2 | 3 | 5 | 9 | 8 | 7 | 6 | 4 |
| 8 | 7 | 9 | 3 | 6 | 4 | 5 | 1 | 2 |
| 3 | 5 | 4 | 6 | 8 | 2 | 1 | 9 | 7 |
| 9 | 8 | 2 | 1 | 7 | 5 | 3 | 4 | 6 |
| 6 | 1 | 7 | 4 | 3 | 9 | 2 | 8 | 5 |

HOTSAKOTSAKOINA
"Raha izaho no misafidy, ny fotoana tiako indrindra dia ilay fony fahazaza, satria tsy dia nisy nanahiran-tsaina fa fifaliana foana foana no nentina niaina."
Ny Vetso (16. 05. 15)
("Childhood is the most beautiful of all life's seasons.")

Rivodoza Cheneso

# Nahazo hery, mitondra rotsak'orana betsaka any Atsimo Andrefana

*Noho izany dia mitoetra hatrany ny fampitandremana.*

Tsy ahiana ny hiverenan' i Cheneso an-tanety na niverina ho lasa rivodoza indray aza izy. Mihamahazo hery izy rehefa lasa ao andranomasina ka mahafaka hatrany amin'ny 80Km isan'ora ny rivotra entiny miaraka amin'ny tafiotra 110km isan'ora. Nikisaka nianavaratra andrefana ny diany ka nahafaka 6Km/ora. Nambaran'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa hivoatra any amin'ny maherin'ny 100km miala ny morontsiraka izy ato anatin'ny 5 andro manaraka. Hisy fiantraikany amin'ny toetry ny andro any amin'ireo distrika ao amin'ny faritra Menabe sy Atsimo Andrefana izy noho izany. Mipetraka ny filazana fanairana miloko maitso any Belo sur Tsiribihina, Morondava, Manja, Morombe ary Toliara I-II. Noho izany rehetra izany, hanatombo ny rotsakorana entiny izany manodidina ny 40 ka hatramin'ny 80mm ao anatin'ny 24 ora hatramin'ny alakamisy. Tafiditra ao anatin' izany i Melaky, Menabe, Atsimo andrefana, Boeny, Sofia, Fitovinany ary Atsimo Atsinanana. Noho izany dia mitoetra hatrany ny fampitandremana amin'ny fahabetsahan'ny rotsakorana, indrindra mahakasika ny tany mihotsaka sy ny fiakaran'ny rano. Entanina manokana ny mpampiasa ranomasina amin'ny morontsiraka avaratra andrefana, andrefana, atsimo andrefana, atsimo ary eo anelanelan'ny Mahanoro sy Taolagnaro mba tsy hiandriaka satria mbola hikorontana ny toetry ny andro any an-toerana. Ato anatin' ny telo andro, hanorambaratra any Sofia, Diana, Boeny ary Betsiboka ary hanorana tandrifin-drahona vitsy eto amin'ny afovoantany.

Nath

Lisea Nanisana

# Mbola tsy mampianatra ireo mpanabe sasany

Efa herinandro mahery anio no tsy mianatra ireo mpianatry ny lisea eny Nanisana. *"Mbola tsy mampianatra izahay mpanabe sasany, maromaro, satria hatramin'izao tsy mbola maharay ny « bon de caisse »-n'ny « vacation »-nay. Nisy fivoriana nataonay mpampianatra ka tapaka tamin'izany fa tsy mbola hiverina hiasa mihitsy aloha ireo mpiasa birao sy ny mpampianatra na dia tonga aty ampiasana isan'andro tsy tapaka aza"*, hoy ny solontenan'ireo mpampianatra mbola mitokona taminay. Nametraka fepetra moa ireto mpanabe mbola mitokona ireto fa malalaka ny mpanabe tsirairay amin'ny safidiny, ka misy ireo nisafidy hampianatra ihany. Fantatra fa nampanantena ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena fa ho azon'ireo mpampianatra alohan'ny amin'ny zoma ho avy izao izany. Na eo aza ny fitakiana iraisana dia lasa misy fizarazarana ihany eo amin'ireo samy mpampianatra manoloana ny fitakiana ny tombontsoa iombonana tokony hositrahana mikasika an'ilay "vacation" tamin'ny fanadinam-panjakana Bepc 2020. *"Ny mampalahelo dia lany fotoana amin'ny fandehanana any am-pianarana isan' andro ny zanakay kanefa zara raha tena mianatra"*, hoy kosa ny solontenan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra. Lasa mijery tabilao sy ny rindrin'efatra ao am-pianarana sisa no ataon'ireo mpianatra.

Heriniaina A.

Tondra-drano

# Mila mitandrina amin'ny aretim-pivalalana

Aorian'ny fandalovan'ny rivodoza, mila mitandrina ny rehetra eo anoloan'ny tondra-drano sy ny rano mihandrona etsy sy eroa. Hoy indrindra ny fanazavan' ny Dr Andrianasolo Eric Naivolala : « *zavatra voalohany tokony ho tandremana ny ratra vokatry ny tafo mihitsana na ireo zavamaranitra any anaty rano. Ankoatra an'izay, tandremo ny aretimpivalanana noho ny fisotroana rano maloto. Mila ampangotrahina foana ny rano alohan'ny hisotroana azy. Matetika mantsy difotry ny rano mandeha na wc efa mivoaka ety ivelany ny lavadrano ka lasa maloto sy tsy azo antoka intsony. Ankoatra izay, ilay mitaty rano avy amin'ny tafo tsy azo antoka loatra satria mety ho harafesina na maloto ny tafo.* » Tsy ireo ihany anefa fa eo ihany koa ny aretin-koditra ary afaka enim-bolana eo dia hisy ny tsifanjariantsakafo, satria dibo-drano avokoa ny legioma sy haninkotrana eny an-tanimboly. Any amin'ny faritra kosa, matetika miakatra an-tanana na eny amin'ny arabe ny voay, indrindra any amin'iny lalam-pirenena fahefatra iny. Ny bibilava ihany koa teny amorondranomasin'i Mahajanga taorian' ireny rano be ireny nisy roa nivoaka.

Nath

Fiahiana sosialy

# Hirona kokoa amin'ny tantsaha ny asa amin'ity taona ity

*"Raha efa nisy hatramin'izay ny fiahiana sosialy ho an'ny tanan-dehibe dia ovaina indray manomboka amin'ity taona ity ny asa hatao. Hirona kokoa amin'ny fanampiasa ny tantsaha any ambanivohitra sy ny toerana lavitra ny fisitrahana fiahiana sosialy. Hatramin'izay dia efa nisy tetikasa maro natao ka ireo kaominina ambonivohitra sy ambanivohitra mora nandehanana no niasana nanampiana an'ireo tokantrano tena marefo ara-pivelomana. Iaraha-mahafanatatra fa ny 80 isanjaton'ny Malagasy dia mpamboly sy mpiompy avokoa. Nofidianay hampiana sy homena fiahiana sosialy ireo tantsaha mba hahafahana mampivoatra sy manamaivana ny fahasahiranan'izy ireo any amin'ireo tanàna ambanivohitra"*, hoy Atoa Rivomanana Tsarahita Ghisbert, tale jeneralin'ny fiahiana sosialy eo anivon'ny Minisiteran'ny mponina taminay omaly. Nomarihan'ity tomponandraikitra ity fa *"ny mpamboly sy mpiompy no andry sy fanoitra hisian'ny fampandrosoana, satria mamatsy ny renivohitra sy ny tanan-dehiba rehetra amin'ny sakafo sy ny vokatra maro isan-karazany araka izay ilain' ny Malagasy isan'andro"*, hoy hatrany Atoa DGPS. Raha sanatria ka marefo ny fiahiana sosialy tokony hositrahin'ireo tantsaha dia hiteraka tsy fahampiana ara-tsakafo ka ho tonga amin'ny tsifanjariantsakafo izany. Raha tiana hirobo-robo ny voka-pambolena rehetra manerana ny faritra 23 dia ny fampiharana an'ity tetikasa fiahiana sosialy ho an'ny tantsaha ity ihany no lakilen' ny fampandrosoana araka ny politikan'ny fitondram-panjakana ho fiahiana sosialy, vatsian'ny Banky Iraisampirenena vola, tanterahan'ny FID arindran'ny Minisiteran'ny mponina. Fantatra fa taorian' ny nandalovan'ilay rivodoza Cheneso andro vitsy lasa izay dia efa nidina ifotony mijery ny fahavoazana mihatra amin' ireo Malagasy amin'ny faritra maro voa mafy ny ekipan'ny Minisiteran'ny mponina, ny BNGRC sy ireo mpiara-miasa rehetra hanampiana ireo fianakaviana izay traboina.

Heriniaina A.

Karatany faobe

# Nanova paikady ny fanjakana

Mitohy ny hetsika fizarana karatany faobe ataon'ny fanjakana. Nivoaka tamin'ny 11 janoary lasa teo ny didim-panjakana fampiharana ny lalàna 2022-013 momba ny karatany, izay mamaritra fa rehefa nahavita nanajary sy nanao asa fambolena sy fiompiana nandritra ny dimy taona ny tantsaha na fianakaviana iray dia afaka mangataka ny fanoratana ny tany amin'ny anarany rehefa tany mbola tsy misy tompony. *"Hanampy amin'ny fizarana sy fikarakarana ary fanamboarana karatany faobe ity lalàna ity. Ny tombony dia ny fahafahana manao karatany amin'ny fomba tsotra sy haingana ary mora. Hahatratra 2 tapitrisa ireo fianakaviana hanana karatany hatramin'ny faran'ny taona 2023, ary hiampy iray tapitrisa isan-taona izany. Miantso ireo tomponandraikitra eo anivon'ny faritra, ny kaominina, ary ny BIF ny tenako mba hiara-kisalahy amin'ny fanatanterahana ity tetikasa ity."*, hoy Ramaholimasy Holder, minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Sampandraharahan'ny Fananantany. Araka ny fanisana farany niarahana tamin'ny Banky Iraisampirenena, dia misy zaratany 10 tapitrisa eto Madagasikara, saingy ny 20 isanjatony ihany no voasoratra amin'ny tompony. Hanohana ny fanatanterahana ity karatany faobe ity ny AFD (Agence Française de Développement) sy ny Banky Iraisampirenena amin'ny alalan'ny tetikasa CASEF sy PRODIGY. Efa nahatratra 60 000 ohatra ny karatany voazara tao anatin'ny tetikasa CASEF.

R. Muray

Andro maneran-tany ho an'ny fadintseranana

# Hatao any Antsirabe rahampitso ny ivon'ny fankalazana

Rahampitso 26 janoary no andro maneran-tany natokana ho an'ny fadintseranana. Hanao fanamarihana avokoa ny biraon'ny fadintseranana manerana ny Nosy, saingy ao Antsirabe no hanatanterahana ny ivon'ny fankalazana. Hampifandraisina amin'ny lohahevitra maneran-tany ny hetsika rehetra, dia ny fanohanana ny taranaka aty aoriana amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fifampizarana fahaiza-manao sy ny fanomezan-danja ny asan'ny fadintseranana. Handray anjara amin'ny fanamarihana ireo mpianatra amin'ny sekoly sy oniversite. Hisy ny famelabelaran-kevitra harahina ady hevitra momba ny anjara toeran'ny fadintseranana eo amin'ny fampandrosoana ny toekarena. Hanatanteraka varavarana misokatra avokoa ireo biraon'ny fadintseranana manerana ny Nosy ho fanehoana ny fivoaran'ny fadintseranana malagasy nanomboka tamin'ny taona 1820. Tsiahivina fa amin'ity taona ity koa no hanaovana ny fankalazana ny faha-200 taonan'ny fadintseranana malagasy, koa amin'ny 26 may ho avy izao no ivon'ny fankalazana, izay misy lanonana hanasana ireo lehiben'ny fadintseranana avy amin'ny faritra Afrika Atsinanana sy Atsimo ary tomponandraikitra maro avy amin'ny firenen-kafa. Nomarihin'ny tale jeneralin'ny fadintseranana, Zafivanona Ernest Lainkana, fa manomboka amin'ity taona ity no hiotazana ny vokatry ny asa fanavaozana, izay natomboka tamin'ny taona 2019, amin'ireo alalan'ireo tetikasa 31 voafaritra ao anatin'izany.

R. Muray


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
SPONSOR OFFICIEL
ISIKA MIARAKA @
BAREA CHAN
1/4 DE FINALE
ALEFA
BAREA
GCL 407/1-1